# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

**Ny fahatongavan'ny filoha Marc Ravalomanana tany Antsiranana ny sabotsy teo.**





**Ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ny mponin'Antsiranana tao Bazary ny sabotsy teo ihany.**





## Sakafo Ny Valosoa

Beignets-na ovy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina ovy, atody, sira, persil, tongolo maitso, chapelure, lafarinina, tongolo gasy, dipoavatra , menka avy amin'ny zava-maniry. Hampangotrahana ny ovy, potsero ao anaty bol avy eo. Hafangaroy ao ny atody, ny persil, ny tongolo maitso, ny tongolo gasy, ny dipoavatra. Hafangaroy tsara. Hatao lavalava maro ny endrik'izany, hendaso amin'ny menaka mafana avy eo. Dia mazotoa homana tompoko.



## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody natoraly amin'ny fahatsentsenan'ny lalan-drà

Fanafody natoraly amin'ny fahatsentsenan'ny lalan-drà indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny lalandrà tsentsina, indrindra ny lalan-drà amin'ny fo no anisan'ny resahana eto.

Fanafana 1: maka hoditra voasary dia tetehina mandinika kely dia hataninandro, atao azon'ny masoandro izany, rehefa maina dia atao anaty bocal satria ilaina fona iny. Amin'ny alina no anaovana azy: maka rano matimaty 1 vera lehibe atao ao ilay hoditra voasary voatetika. 2 sotro lehibe no atao anaty rano, afangaro dia avy eo saronana ary avela mandramaraina. Maraina vao mifoha no misotro azy.

Fanafana 2: maka persil atao maina atanina androbe dia avy eo totoina, atao anaty bocal maina sy madio tsara. Maka rano mangotraka 1 vera lehibe, maka persil ilay efa voatoto in-1 sotro kely atao anatin'ilay rano 1 vera iny, afangaro tsara dia avela eo 5 min dia avy eo tatavanina dia sotroina rehefa matimaty.

Iray amin'ireo ihany no hatao, izay tiana.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Vohimena any amin'ny distrikan' Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Vohimena any amin'ny distrikan'Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Vohimena ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'Amparafaravola. Any avaratra afovoan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana izy, satria 808 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, toy ny any amin'ireo kaominina hafa any amin'ny distrikan'Amparafaravola. Toy izany koa ny anana isan-karazany; ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka,…

